A MANDEHA ARAKA NY FANAHY. Galatiana 5:16, 18.

- ❖ Inona no hevitry ny hoe “mandeha” araka ny fomban’Andriamanitra ao amin’ny Baiboly (Deoteronomia 13: 4-5; Romana 13: 13; Kolosiana 1: 10)?
- ❖ Voazava ao amin’ny Baiboly ny sitrapon’Andriamanitra mba hahafahantsika “mandeha” arak’izany. Voafaoka anatin’izany ny fitandremana ny Didy Folo sy ireo fitsipika hafa izay manampy antsika hiaina araka izay irin’Andriamanitra hiainantsika.
- ❖ Na izany aza, tsy ny fitandremana ireo didy ireo mba ho voavonjy no Làlana. Izay efa nataon’Andriamanitra no fomba tokana hahazoantsika famonjena.

B NY ADIN’NY KRISTIANA. Galatiana 5:17.

- ❖ Mandray toetra vaovao isika rehefa manaiky ny fanatitra nataon’i Kristy. Toetra ara-panahy izany, izay mifanohitra amin’ny toetry ny “nofo” (Romana 7:14-25).
- ❖ Tsy maintsy misafidy ny hanaraka ny Fanahy isika sy hamikitra amin’ny tàna-maherin’Andriamanitra isan’andro.

D NY ASAN’NY NOFO. Galatiana 5:19-21.

- ❖ Ampitahain’i Paoly ny hoe miaina araka ny nofo sy ny miaina araka ny Fanahy. Misy fahasamihafana lehibe amin’ireo roa ireo:
  - — Ny voalohany dia “asa”, fa ny faharoa kosa “vokatra”
    - (1) Ny nofo dia *mitaky* ota ary manery antsika hanota
    - (2) Ny fanahy kosa *mamoa* fitondran-tena masina ao amintsika
  - — Maro ny “asa” fa tokana kosa ny “vokatra”
    - (1) Ny toetra maha-mpanota dia miteraka fizarazarana, fifanjevoana sy tsy firaisana.
    - (2) Ny toetra ara-panahy dia mitaona ho amin’ny firaisana.
- ❖ Ny fahotana dia manapaka ny fifandraisan’olombelona ary mitondra fangirifiriana. Ny Fanahy kosa mamerina amin’ny laoniny ny fifandraisantsika ary mamoa fiainana mandrakizay.

E NY VOKATRY NY FANAHY. Galatiana 5:22-23.

- ❖ Ny fitiavana no voalohany amin’ny vokatry ny Fanahy, ary avy aminy no ipoiran’ireo toetra tsara sisa rehetra.
- ❖ Ny fitiavana no toetra tsara izay mamintina ny Didy Folo (Matio 22:35-40).
- ❖ Ny ftiavana dia manohitra ny toetra maha-mpanota ny olombelona. Izany no mahatonga ny fitiavana ho fanevan’izay rehetra manaraka an’Andriamanitra.

F VELON’NY FANAHY. Galatiana 5:24-26.

- ❖ Ao amin’ny Galatiana 5:16-26 dia mampiasa matoanteny dimy i Paoly hoenti-manazava ny fomba itarihan’ny Fanahy antsika.
  - — Mandeha [peripateō] (and. 16): Tsy maintsy miara-dia amin’i Jesosy isan’andro isika. Miara-miaina Aminy.
  - — Tarihina (and. 18): Tsy maintsy avelantsika ny Fanahy hitarika antsika sy haneho antsika izay tokony halehantsika sy izay tokony hataontsika.
  - — Manombo amin’ny hazofijaliana (and. 24): Tsy maintsy vonointsika ny toe-tsika ara-nofo taloha ary tsy maintsy fahanantsika ny toetra ara-panahy
  - — Velona (and. 25): Tsy maintsy ateraka indray isan’andro isika.
  - — Mandeha [stoicheō] (and. 25): Tsy maintsy manara-dia ny Fanahy isika ary mamela Azy hitarika ny fiainantsika.